# SAMPANA SEKOLY ALAHADY

**KILASY :** Faha Telo B
**Lesona** : ***« Ny tantaran'i Marta sy Maria » Lioka 10*** $^{38-41}$

Mizara roa ny fampianarantsika dia :

- And 38-39 : Mampandroso an'i Jesoa tahaka an'i Marta

Andeha isika hampandroso an'i Jesoa tahaka an'i Marta. Satria vahiny manakaja i Jesoa. Mahafinaritra ny mampandroso an'i Jesoa ao an-trano jereontsika ny Apokalipsy toko 03 and 20 « ***Indro, efa mitsangana eo am-baravarana Aho ka mandondòna; raha misy mihaino ny feoko ka mamoha ny varavarana, dia hiditra ao aminy Aho ka hiara-misakafo aminy, ary izy amiko***».

Ny tokatrano izay idiran'i Jesoa rakizy dia tokatrano feno fitahiana sy fahasoavana avy Aminy , ataontsika izay idiran'i Jesoa ao an-trano, amin'ny fomba manao ahoana ary ? Amin'ireny fampandrosontsika an'i Mpitandrina, mpanao tafika masina sns jereontsika ny Jaona 13 :20 manao hoe : «***Izay mandray izay hirahiko dia mandray Ahy; ary izay mandray Ahy dia mandray izay naniraka Ahy***».

- And 40-41 : Mihaino ny tenin'i Jesoa tahaka an'i Maria

Andeha hihaino an'i Jesoa tahaka an'i Maria isika, eto dia nisafidy ny anjara tsara i Maria, ny nataon'i Maria no tsara kokoa noho ny nataon'i Marta. Izany hoe mihaino an'i Jesoa aloha izay vao miasa.

Mamaky ny Soratra Masina izay vao miasa satria ao anatin'ny Soratra Masina ny tenin'i Jesoa, ny tenin'Andriamanitra, dia tokony hazoto hianatra ny Sekoly Alahady ihiany koa isika rankizy, aoriana izay voa miasa, tsarovy rankizy fa miasa ho an'i Jesoa koa ihiany koa isika rehefa manao rakitra, manao vokatra sns.

**FEHINY**

Samy tsara daholo ny miasa ho an'i Jesoa sy ny mihaino an'i Jesoa ? Fa araka ity tenin'Andriamanitra dia mihaino ny tenin'Andriamanitra aloha vao miasa.

Mamaky mofon'aina aloha voa miasa, manao ny raharaha rehetra.

**TSIANJERY**

JAONA 8 $^{47}$ **« *Izay avy amin'Andriamanitra, dia mihaino ny tenin'Andriamanitra* »**

Ny Mpampianatra Zoky Domohina